



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FAMPIANARANA SAP 25 MEY 2017

NY ANKOHONANA KRISTIANA – LA FAMILLE CHRÉTIENNE –

Efesiana 6. 1-9

« Ianareo zanaka, mpanaraka ny Tompo ianareo ka maneke ny ray amandreninareo, fa rariny izany. Hajao ny rainao sy ny reninao; izany no didy voalohany miampy ny fampanantenana hoe: mba hahita soa sy ho ela velona eto ambonin'ny tany ianao. Ary ianareo, ray aman-dreny, aza manao izay hampahatezitra ny zanakareo. Fa tezao amin'ny fanabeazana sy fifehezana araka ny Tompo izy. Ianareo mpanompo, maneke ny tomponareo ara-nofo amin-tahotra sy fanajana ary amin'ny fahatsorampo toy ny anekenareo an'i Kristy. Tsy hoe raha eo imason'ny tomponareo ara-nofo ihany no manaiky, toy ny mila sitraka amin'ny olona; fa tontosao amin'ny fo tokoa ny sitrapon'Andriamanitra, toy ny ataon'ny mpanompon'i Kristy. Ataovy amin'ny fo mirana ny asa fanompoanareo, tahaka ny atao amin'ny Tompo fa tsy amin'ny olona; satria fantatrareo fa ny olona tsirairay, na mpanompo na tsy mpanompo, dia samy hovalian'ny Tompo, amin'izay soa nataony avy. Ary ianareo tompo, manaova toy izany koa amin'ny mpanomponareo, ka atsaharo ny fandrahonana; satria fantatrareo fa na ianareo, na ny mpanomponareo, dia samy an'ilay Tompo Izay monina ao an-danitra sady tsy mba mizaha tavan'olona.»

① IREO TSARA HOMARIHINA MIALOHA ATO AMIN'NY TEKSTA

➲ Ny tsara homarihina voalohany, raha mamaky io andalana izay hanankinantsika ny fandalinam-pinoana hataontsika anio, ao amin'ny Epstily ho an'ny Efesiana io isika, dia **voasoritra mazava tsara ao ireo mpikambana na ireo izay hita ao amin'ny ankohonana kristiana tamin'izany andro izany** : - zanaka - ray aman-dreny (voafaritra mazava tsara eto hoe « rainao » sy « reninao ») - mpanompo – tompo – Tamin'izany fotoana izany, tahaka izay nisy tamin'ny fiaraha-monina maro taty aoriana, fa vao haingana foana vao niova tanteraka, dia mbola tsy nampaninona ny olona ny fision'ny fanandevalozana.

Raha ampitahantsika kosa amin'ny misy ankehitriny izany ankohonana izany, amin'ny ankapobeny dia tsy niova : ny fisian'ny zanaka dia mbola misy foana mandraka ankehitriny (*afa-tsy ho an'ny sasany izay tsy tia zaza intsony fa aleony mamindra ny fitiavan-janaka ao aminy ho amin'ny fitiavana biby*). Ny filazana hoe ray aman-dreny indray, ankehitriny, dia tsy ny niteraka ihany akory fa mahafaoka hevitra mba hilazana izay tompon'andraikitra mitaiza ao anivon'ny ankohonana [*fa misy ankohonana tsy misy afa-tsy ny reny ihany no mitaiza satria tsy ao ny rainy (famille monoparentale) ; misy koa ankehitriny ny «ray aman-dreny» izay samy lahy na samy vavy (mariage pour tous) ; ary misy ny fitaizana zaza kamboty izay ny tompon'andraikitra ao no misolo ny ray sy ny reny*]. Ny mpanompo sy ny tempo indray ankehitriny, tsy toy ny tamin'ny andron'ny fanandevozana intsony, fa hilazana kosa ny mpiasa sy ny mpampiasa ho an'ireo olona izay miasa matihanina manampy ao an-tokantrano. Azo ampitaina ihany koa eo amin'ny fifampitondrana ao anatin'ny fiaraha-monina izany, horesahintsika aoriana amin'ny fanamarihana fahatelo hataoko. Marihina mialoha kosa fa ny tempo eo amin'ny olombelona, izany hoe manana fahefana eo nivon'ny ankohonana, dia voasoratra miantomboka amin'ny miniscule hatrany, mba hiavahany amin'Andriamanitra Tompo izay soratana miantomboka amin'ny majuscule.

⦿ Ny tsara homarihina faharoa manaraka izay, dia tsy misy tsy manana adidy na asa tokony hatao ny tsirairay avy ao amin'ny ankohonana. Tsy zavatra foronina izany, fa mifanaraka amin'ny naharian'Andriamanitra ary hamarinin'ny teny voasoratra ao amin'ny Soratra Masina.

- **Ny zanaka** dia asaina manaiky, mankato ny ray aman-dreny. Misy fampanantenana efa nambaran'ny Tenin'Andriamanitra vokatr'izany fanatanterahan'ny zanaka ny addidiny izany : **« Ianareo zanaka, maneke ny ray aman-dreninareo... Hajao ny rainao sy ny reninao; izany no didy voalohany miampy ny fampanantenana hoe: mba hahita soa sy ho ela velona eto ambonin'ny tany ianao ».**
- **Ny ray aman-dreny** dia asaina mitaiza sy mifehy ny zanany araka ny Tompo (élevez-les dans la discipline et sous les avertissements du Seigneur), kanefa tsy manampatra fahefana ka hahatonga ny zanaka hikomy : **« Ary ianareo, ray aman-dreny, tezao amin'ny fanabeazana sy fifehezana araka ny Tompo izy, fa aza manao izay hampahatezitra ny zanakareo ».**
- **Ny mpanompo,** (ara-bakiteny eto : ireo andevo), dia asaina manaiky (mankato) ny tompony amin-tahotra sy hovitra (avec crainte et tremblement) sy amim-panajana, ary amin'ny fahatsoram-po (en simplicité de cœur): **« Ianareo mpanompo, maneke ny tomponareo ara-nofo amin-tahotra sy fanajana ary amin'ny fahatsoramo ».** Efa fampiasan'ny apôstôly Paoly matetika io fomba fiteny an'ohatra ao amin'ny Baiboly hoe « amin-tahotra sy hovitra » io (ampitahao : 1 Korintiana 2. 3 ; 2 Korintiana 7. 15 ; Filipiana 2. 12). Asaina miasa amin'ny fo tokoa fa tsy filan-tsitraka na fisehoana ivelany fotsiny ny mpanompo (non pas seulement sous leurs yeux, comme pour plaisir aux hommes), ary amin'ny fo mirana fa tsy

mimonjimonjy, satria raisina ho tena sitrapon'Andriamanitra ny asa fanompoana (faisant de cœur la volonté de Dieu): « **tontosao amin'ny fo tokoa ny sitrapon'Andriamanitra... Ataovy amin'ny fo mirana ny asa fanompoanareo** ».

▪ Ny tempô dia raisina, tsy ho toy ny sata amim-pahamboniana, fa toy ny andraikitra sy asa fanompoana ihany koa. Koa izany no hilazan'ny apostoly mba hanaovany tahaka ny nasaina hataon'ny mpanompo : « **ianareo tempô, manaova toy izany koa amin'ny mpanomponareo** ». Ampahatsiarovin'ny apôstôly, ho an'ny kristiana, fa mitovy lenta avokoa isika rehetra eo anatrehan'ny Tompo, ary samy eo ambany mason'ny Tompo. Voalazan'ny apôstôly amin'ny taratasiny hafa manko fa « **Fa ny olona mpanompo voaantsô ho tafaray amin'ny Tompo dia nafahan'ny Tompo tamin'ny fahotana; ary ny olona tsy mpanompo voaantsô ho tafaray amin'i Kristy dia mpanompon'i Kristy...** Isika rehetra manko, na Jiosy na hafa firenena, na mpanompo na tsy mpanompo, dia iray ny Fanahy Masina nanaovana batisa antsika mba ho tena iray ihany isika; ary iray ny Fanahy Masina nampisotroana antsika rehetra... Koa tsy misy intsony ny hoe Jiosy na hafa firenena, tsy misy intsony ny hoe mpanompo na tsy mpanompo, tsy misy intsony ny hoe lehilahy na vehivavy; fa olona iray ihany ianareo rehetra, noho ianareo tafaray amin'i Kristy Jesoa. » 1 Korintiana 7. 22 ; 12. 13 ; Galatiana 3. 28.

⌚ **Ny tsara homarihina fahatelo**, amin'ny famerimberenan'ny apôstôly ato amin'ity taratasiny ity ny hoe « **ny Tompo** » mba hilazana ny Fiagonana, dia mazava tsara fa efa hatramin'izany fotoana izany no hita tao amin'ny Fiagonana ny sokajin'olona samy hafa, na ara-taona na ara-tsaranga. Noho izany, ny ankohonana kristiana omena ny hafatra eto, dia tsy ny ankohonana ara-nofo fotsiny, fa mitatra ho amin'ny Fiagonana manontolo (ankohonan'Andriamanitra) sy ho amin'ny fiaraha-monina mihitsy. Na dia avo lenta sy mafonja aza ny hevitra ampitain'ny apôstôly eto, dia tsy sokajin'olona miavaka na manam-pahaizana na ambony saranga fotsiny no hitenenany. Miresaka mivantana amin'ny ankizy izy, ary tsotra ny hafatra ampitainy amin'izy ireo : « **maneke ny ray aman-dreninareo... Hajao ny rainao sy ny reninao** ». Ampahatsiaroviny fa ny fitaizan'ny ray amandreny dia fampitana amin'ny zanaka izay efa noraisin'izy ireo koa teo aloha. Voataiza ara-pivavahana ireo ray aman-dreny ireo tamin'ny fahazazany, ka izany no nahafahan'ny apôstôly mampahatsiaro ny voalazan'ny Didy folo, ka na toa henjana eo am-pampiharana azy aza, dia tsy avy amin'ny ray aman-dreny fotsiny ny fifehezana (discipline) fa avy amin'ny Tompo (Cette discipline, si pénible qu'elle paraisse parfois, correspond aux instructions que les pères ont reçues du Seigneur). Ny hafatra ho an'ny mpanompo (andevo) sy ny tempô, dia azo ampliarina koa ankehitriny ho an'izay rehetra manana mpifehy, manana lehibe sy mpampiasa, sy ho an'ny olom-pehezina rehetra, ny mpiasa rehetra dy izay eo ambany fifehezana (Quant aux esclaves et aux maîtres, ce qui leur est enjoint s'applique à tous ceux qui ont des chefs ou des subordonnés). Ambaran'ny apôstôly fa eo ambany mason'ny

Tompo mandrakariva ny rehetra (Tous sont sous les yeux du Seigneur continuellement).

② FAMPITAHANA ARAKA NY SORATRA MASINA IREO HAFATRY NY APÔSTÔLY HO AN'NY ANKOHONANA KRISTIANA ETO.

Raha nanome ireo hafatra ho an'ny ankohonana kristiana ity ny apôstôly, dia nanovo tamin'ny Soratra masina , na dia tsy notanisainy mivantana aza izany. Misy ireto vitsivitsy ireto notsongaina mba hanampy antsika :

Eksodosy 20. 12 ; Deoteronomia 5. 16: «**Hajao ny rainao sy ny reninao mba ho maro andro iainana ianao eo amin'ny tany izay omen'ny TOMPO Andriamanitao ho anao»**

Deoteronomia 21. 18-21: «**Mety hisy olona manana zanakalahy maditra sy manohitra, ka tsy mihaino ny tenin'ny ray aman-dreniny sady tsy zakany anarina. Hosamborin'ireo ray aman-dreniny izy ka hoentiny amin'ny fitsarana eo anoloan'ny loholon'ny tanana onenany; ary hiteny amin'ny loholona izy mivady hoe: Ity zanakay ity dia maditra sy manohitra ka tsy mihaino ny teninay fa mpandany sy mpimamo. Dia hitora-bato azy ho faty ny mponina rehetra ao an-tananany»** Tena nisy mihitsy famaizana ara-pivavahana ho an'ny zanaka tsy mpankato, araka ny lalàna jiosy. Izay no manamafy ny filazana ho an'ny zanaka hoe « **fa rariny izany** ».

Rota 3. 5: «**Dia hoy i Rota tamin'i Nahomy: Hataoko avokoa izay nolazainao tamiko**». Na dia olona hafa firenena fa tsy Jiosy aza i Rota vinanton'i Naomy, rehefa nandray ny rafozany vavy ho toy ny reniny niteraka azy izy, dia nanaja sy nankato azy. Tonga manome lesona ho amin'ny fankatoavana ray aman-dreny i Rota, ary niteraka fahasoavana ho azy izany.

Ohabolana 6. 20 ; 23. 22 : «**Anaka, tandremo ny didin-drainao ary aza lavina ny fampianaran-dreninao... Mihainoa ny rainao izay niteraka anao; ary aza manamavo ny reninao efa antitra.** » Hitantsika ao amin'ny bokin'ny Ohabolana ireo fananarana sy fampianarana samihafa momba ny fahendrena. Anankiray amin'ny fahendrena, tahaka ny fatahorana an'Andriamanitra, ny faajana ny ray aman-dreny.

Jeremia 35. 6- 8,18: «**Tsy misotro divay izahay, satria i Jonadaba, zanakalahin'i Rekaba sady razanay, dia efa nandidy anay hoe: "Aza misotro divay na oviana na oviana, na ianareo na ny taranakareo. Aza manao trano ianareo na mamboly ny tany na mamboly voaloboka, na manana tanimboaloboka; fa anaty tranolay ihany no hipetrahanareo mandritra ny androm-piainanareo rehetra, dia ho ela velona ianareo any amin'ny tany izay ivahinianareo any". Koa nankatoavinay ny tenin'i Jonadaba zanakalahin'i**

Rekaba sady razanay, tamin'izay rehetra nanafarany anay. Dia tsy misotro divay na oviana na oviana ny tenanay na ny vadinay na ny zanakay lisy na ny zanakay vavy.» Milaza momba ny Rekabita ny mpaminany, dia ireo olona tsy mba nisotro divay, satria izany no nananaran'ny ray aman-dreniny azy hatrany amboalohany, ka nankatoaviny sy nohajainy ary notanterahiny tsara. Azontsika ampifandraisina amin'zay voalazan'ny bokin'ny Deoteronomia notanisaintsika tetsy aloha izany, momba ireo zanaka tsy nankato ny ray aman-dreniny. Ny azo antoka dia marina sy ankasitrahany Andriamanitra ny fankatoavana ray aman-dreny.

Lioka 2. 51-52: « **Dia niara-nody taminy tany Nazareta i Jesoa ary nanoa azy. Ny reniny kosa nitadidy izany rehetra izany tao am-pony. Ary nitombo fahendrena sy taona i Jesoa sady nandroso nahatehotia tamin'Andriamanitra sy ny olona ».**

Ampianarina mandrakariva ny ankizy ao amin'ny sekoly Alahady io ohatra nomen'i Jesoa zaza io. Tsy mba nanohitra na nanome tsiny ny ray aman-dreniny izy, na dia nanana ny marina aza, fa nankato sy nanoa azy ireo ary nanaiky hanaraka azy rehefa nentiny hody any Nazareta.

Kolosiana 3. 20-25 ; 4. 1: « **Ianareo zanaka, maneke ny ray aman-dreninareo amin'ny zavatra rehetra, fa izany no ankasitrahin'ny Tompo. Ianareo ray aman-dreny, aza mampisafoaka ny zanakareo, fandrao hamoy fo izy. Ianareo mpanompo, maneke ny tomponareo ara-nofo amin'ny zavatra rehetra. Aza eo imasonry ihany no manao izany, toy ny mila sitraka amin'olona; fa maneke amim-pahatsoram-po noho ny fanajanareo an'i Jesoa Tompo. Na inona na inona ataoareo, dia tontosao amin'ny fo tokoa tahaka ny atao amin'i Jesoa Tompo fa tsy amin'olona. Eny, fantatrareo fa i Jesoa Tompo no handraisanareo ny valiny, dia ny anjara lova natokana ho an'ny vahoakan'Andriamanitra; satria ny tena Tompo Izay tomoinareo, dia i Kristy. Fa izay manao ratsy dia hovaliana amin'izay ratsy nataony, fa tsy mba mizaha tavan'olona Andriamanitra... Ianareo tombo, ento araka ny rariny sy ny hitsiny ny mpanomponareo; satria fantatrareo fa ianareo koa mba manana Tombo any an-danitra ».** Miresaka momba ny fiainan'ny ankohonana kristiana ihany koa ny apôstôly Paoly ao amin'io toko faha-3 sy 4 amin'ny Epistoly ho an'ny Kolosiana io. Ny mpandalina ny Soratra Masna, miainga avy amin'ny teny nanoratana azy (grika), dia manamarika fa ny fampiasana ny filazam-potoana (temps) *imparfait* dia enti-manambara tsy fiovana eo amin'ny fomba fanao fa tena ilaina (nécessité), adidy (devoir), ary azo atao tsara (possibilité). Ny hoe « **tahaka ny atao amin'i Jesoa Tombo** », verbe *ánéken* (grika : ἀνήκει, *imparfait*) dia midika hoe *tokony ho izy, mifanaraka* (frantsay : *il convenait*). Nampiana hoe *ao amin'ny Tombo : en kurioi* (grika : ἐν κυρίῳ), izay manaisotra ny fiheverana fa araka ny fomba fotsiny ihany (selon les mœurs) no hanaovana izany ; fa milaza sy manantitra kosa fa **ao anatin'ny finoana sy ny fankatoavana an'Andriamanitra sy Jesoa Kristy no mahatonga ny fihetsika rehetra sy toetra ananan'ny mino Kristiana**. Ny fahavoazana sy aretin'ny kristiana sasany sy

maro ankehitriny, eo amin'ny fomba fitondrany tena, dia mijery ny olona izy ireo faty mahatsiaro an'Andriamanitra, hany ka **lasa fomba sy fisehoana fotsiny izay ataony fa tsy araka ny fony sy ny faharesen-dahatra ateraky ny finoana ao anatiny**. Na dia eo amin'ny ankohonan'Andriamanitra aza, isika kristiana ao amin'ny Fiagonana, dia miseho izany toetran'olombelona izany. Hany ka tsy misy fankatoavana ny olom-boafidin'Andriamanitra, hany ka fihatsarambelatsihy sy tahotra tsy hahavasoka eo imason'ny hafa fotsiny no atao. Izany no mahatonga ny fiandrasana kendry tohina sy ny fitsimponana lesoka mba hanakianana, tsy mampandroso fa manimba sy miteraka fanafintohinana.

Ny zanaka manoa ny ray aman-dreny, ary ny ray aman-dreny tsy mikatsaka hampahatezitra na hanome fahasorenana ka hahatonga fikomiana ho an'ny zanaka. Ny teny grika nadika hoe *mandrahona* na koa *mampahatezitra* (*frantsay* : *irriter, provoquer*) dia misy roa : *Erethizō* : Ερεθίζω, midika ara-bakiteny amin'ny teny malagasy hoe « *mandrangitra* » (exciter), « *mihaika* » (provoquer) ; sy ny teny hoe *Pikrainō* : Πικραῖνω, midika ara-bakiteny hoe « *mampangidy* » (rendre amer), « *sorena* » (s'aigrir), tezitra amin'olona (s'irriter contre quelqu'un). Ny antoka hananana ny toeatra tsara eo amin'ny fifandraisian'ny ray aman-dreny sy ny zanaka dia ny « *fitiavana* » ihany (*grika* : *ágapān* : ἀγαπάν), izay tsy fitiavana araka ny filàna na fihetseham-po fotsiny, fa fitiavana miainga avy amin'Andriamanitra : izay mahatsiaro fa tian'Andriamanitra izy no mahay mitia sy mizara fitiavana ihany koa ho an'ny hafa.

Tsy mbola nofoanana ny fanandevalozana, ary tsy manohitra izany ny apôstôly amin'ny taratasiny, satria fomba fiainan'ny fiaraha-monina tamin'ny fotoan'andro izany. Fa niova kosa teo amin'ny kristiana ny toetry ny mpanompo, satria tsy manaiky ny tompony araka ny nofo intsony izy ireo, «**toy ny mila sitraka amin'olona**», fa manana Tompo ambony kokoa sy mendri-kaja izy, ary Tompon'izy rehetra, na andevo na tsy andevo, dia i Jesoa Kristy.

③ HEVITENY MOMBA IREO ANDININY ATO AMIN'ITY EFESIANA 6 ITY.

Verset 1

Devoirs qui incombent aux enfants et aux parents, aux esclaves et aux maîtres

Dans le Seigneur Jésus-Christ, dans le même sens et par les mêmes motifs que *Éphésiens 5. 21* ; *Éphésiens 5. 24*, (cf. *Colossiens 3. 20*).

Juste, et selon la nature, et selon la loi divine, et selon l'Évangile dans le Seigneur.

Verset 2

Le premier commandement de la seconde table de la loi, se rapportant aux devoirs envers les hommes ; car l'apôtre n'ignorait pas que le second commandement de la première table a aussi une promesse ; à moins qu'il ne la considérât pas comme une promesse faite spécialement à l'observation du second commandement, mais plutôt comme une déclaration générale de la miséricorde de Dieu, s'appliquant à toute obéissance (*Exode 20. 6*).

Verset 4

Comparer *Colossiens 3. 21*, où l'apôtre ajoute, comme motif de ne pas *irriter les enfants* (Grec : « exciter à la colère ») : « afin qu'ils ne perdent pas courage ».

Dans notre passage se trouve le côté positif aussi bien que négatif de l'exhortation : Ne pas les irriter, mais les éléver dans la discipline, etc.

Les pères chrétiens doivent dans l'éducation de leurs enfants, allier sagement la sévérité et la douceur ; la première se trouvera dans la discipline, la seconde dans l'enseignement (ou plutôt avertissement, admonition). Mais il s'agit de la discipline et de l'enseignement du Seigneur, parce que l'une et l'autre doivent être pénétrés de son Esprit.

Verset 5

Voir sur cette expression de profond respect 2 Corinthiens 7. 15.

Il s'agit ici d'esclaves en présence de leurs possesseurs ; mais cette obéissance ne doit pas être moins respectueuse lorsque les serviteurs voient des frères dans leurs maîtres (1 Timothée 6. 1 ; 1 Timothée 6. 2).

Ce dernier passage indique aussi le motif pour lequel l'apôtre revient si souvent sur cette obéissance des esclaves (Colossiens 3. 22 ; Colossiens 2. 9 ; comparez 1 Pierre 2. 18) : c'est « afin qu'on ne blasphème point le nom de Dieu et sa doctrine », ce qui aurait eu lieu si les esclaves convertis à l'Évangile avaient montré un esprit de révolte.

Sans doute le christianisme devait nécessairement amener l'abolition de l'esclavage, mais par son influence spirituelle, du dedans au dehors, et non par la violence (voir l'épître à Philémon **Philémon 1** et comparez 1 Corinthiens 7. 21).

Verset 8

Le chrétien, même dans la position la plus humble, a toujours ce sublime motif d'obéissance, c'est qu'il peut oublier les hommes et se souvenir qu'il sert le Seigneur, qui a fait sa position et dont il voit la volonté dans la tâche qui lui est donnée à accomplir.

L'apôtre, parlant ici à la classe la plus malheureuse des hommes, revient quatre fois sur cette pensée : Obéissez comme à Christ (Éphésiens 6.5) ; faisant la volonté de Dieu ; comme serviteurs de Dieu (Éphésiens 6. 6) ; servant le Seigneur, avec bonne volonté (Éphésiens 6. 7).

Enfin, eussent-ils même des maîtres qui ne reconnaîtraient point leur bonne conduite, ce qui n'arrive que trop souvent, ils n'y perdraient rien auprès du Seigneur à qui ils regardent (Éphésiens 6. 8).

Verset 9

L'apôtre n'ordonne pas non plus aux maîtres de libérer leurs esclaves ; mais, s'ils se pénètrent de ses injonctions selon l'esprit de l'Évangile, cette conséquence sera inévitable.

Quel maître chrétien pourra posséder ou vendre son frère, racheté comme lui au prix du sang de Jésus, héritier avec lui de la vie éternelle !

Le christianisme suppose l'égalité devant Dieu et la liberté de tous ceux qui croient ; il devait tôt ou tard faire régner la liberté et l'égalité dans la société ; mais ces fruits, qui n'étaient guère prévus dans l'origine, ont mûri plus tard, comme tant d'autres.

Ils étaient déjà renfermés en principe dans ces deux raisons données ici aux maîtres de bien traiter leurs esclaves : *ils ont eux-mêmes leur Maître* (Grec : « Seigneur ») dans le ciel, et devant lui maîtres et esclaves sont égaux.

Une variante porte : «*leur Maître et le vôtre...*»

Ces exhortations, du reste, malgré les différences de position, sont parfaitement applicables aux rapports actuels des maîtres et des serviteurs.

④ **FEHINY.**

Raha fehezintsika ny votoatin'ity fampianarana nataon'ny apôstôly Paoly momba ny ankohonana Kristiana ity, dia tena mampahatsiaro ny tenin'i Josoa tamin'ny Zanak'Israely, hoe : **«Koa ankehitriny manaja ny TOMPO ka manompoa Azy amim-pahitsiana sy fahamarinana. Ario ny andriamanitra izay notompoin'ny razanareo tany ampitan'i Eofrata sy tany Ejpta, ka manompoa ny TOMPO. Nefa raha tahiny tsy sitrakareo ny hanompo ny TOMPO, dia fidio anio izay hotompoinareo, na ny andriamanitra izay notompoin'ny razanareo tany ampitan'i Eofrata na ny andriamanitry ny Amorita izay mponina teto amin'ny tany onenananareo; fa izaho sy ny ankohonako kosa dia hanompo ny TOMPO izahay.»**Josoa 24. 14b-15

Tsy tonga na oviana na oviana amin'ny fahatsarana sy fahafenoana ny fiainan'ny mpanompon'Andriamanitra raha miala amin'ny fisainan'olombelona fotsiny sy ny fitsipika ety ivelany, fa tsy maintsy miainga amin'ny finoana sy fiainan-bavaka ary fiainana sy fankatoavana ny Tenin'Andriamanitra izany. Fa hoy ny hafatra hamafisin'ny apôstyôly hoe : **«maneke amim-pahatsoram-po noho ny fanajanareo an'i Jesoa Tompo. Na inona na inona ataonareo, dia tontosao amin'ny fo tokoa tahaka ny atao amin'i Jesoa Tompo fa tsy amin'olona... tontosao amin'ny fo tokoa ny sitrapon'Andriamanitra, toy ny ataon'ny mpanompon'i Kristy. Ataovy amin'ny fo mirana ny asa fanompoanareo, tahaka ny atao amin'ny Tompo fa tsy amin'ny olona; satria fantatrareo fa ny olona tsirairay, na mpanompo na tsy mpanompo, dia samy hovalian'ny Tompo, amin'izay soa nataony avy.»**Kolosiana 3. 22b-23 ; Efesiana 6. 6b-8.

Brétigny-sur-Orge, 24 mey 2017

© Rev. Dr Jean A. RAVALITERA, Filohan'ny FPMA